


## **ALAHADY - KAREMY 4 - TAONA A**



### **NY FINOANA AN'I KRISTY NO FAHAZAVANA VAOVAO**

Ry Kristianina havana, mizotra hatrany ny DIA ary miatrika hatrany ny ADY isika, Alahady fahaefatra amin'ny karemy izao. Raha ny marina dia anio 19 Mars no mankalaza an'I Md Josefa ny Eglisy nefo noho anio alahady fahaefatra amin'ny Karemy dia natao rahampitso ny fankalazana. Aoka tsapantsika ihany koa fa izao 19 Mars izao ihany koa mampiditra antsika

amin'ny fhasivinianandro manomanana antsika amin'ny 25 Mars ary ny herinandron'ny fivoran'I Mompera eto amin'ny diosezy izany hoe ny messe chrismale.

Vakiteny I : 1 Sam, 16, 1b, 6-7, 10-13a  
Tononkira : Sal. 22,  
Vakiteny II : Efez. 5, 8-14  
Evanjely : Jo 9 , 1 -41

Ny tsara resahaha amin'izao ankatokon'ny fankalazana an'I Md Josefa dia ireo toetrany satria raha mampirisika antsika hankalaza ireo Olomasina ny Eglisy dia tiany isika sady hatsiaro no hianatra izay niaina isika. Maro ny teotr'I Md josefa fa tiantsika hatrnay ny mampisongadina fa ilay lehilahy marina sady mahitsy no tia vavaka i Md Josefa ka tena modely tokoa amintsika amin'izao ADY iatrehantsika ny ratsy sy amin'izao DIANTSINKA mankany amin'ny Paka izay mitondra antsika amin'ny fitsanganan-ko velona izao, amin'ny fiainambaovao.

Milaza miara-mahaita isika fa tsy mankaiza tamin'izy niainan'I Md Josefa izao zava-misy etrehentsika. Azo lazaina fa fampianarana velona ho antsika. Tsy kisendrasendra eo anivon'ny ady sy ny dia amin'ny Paka no miatrika izao aretina izao isika. Raha miara-maty amin'i Kristy isika dia miara-mitsangana Aminy koa. Modely ho antsika i Md Josefa ka

amin'izao Alahady fahaefatra izay anentanan'ny Eglisy ny fo amam-panahintsika izao dia aoka hiroso isika satria manana mpisava lala

Tsara ihany koa ny manamarika fa ity Alahady faha 4 dia antsoina hoe : "Alahadin'ny hafaliana. Ny antony dia manomana antsika amin'izay hafalian'ny Paka izay andrasantsika. ireo vakinety manentana antsika sahady tokoa amin'ilay hafaliana miandry antsika raha mandresy ny ratsy isika ka tody amin'ny tena fiainam-baovao, ho zanak'Andriamanitra hiaramitsangana amin'i Kristy. Izany no anentanan'ny Eglisy antsika amin'izao Alahady fahaefatra izao. Efa akaiky tokoa ny Paka izay hanampy antsika hiombona bebe kokoa amin'i Kristy. Tsy iza moa izany fa i Kristy aina, ilay ranovelona izay nolazaintsika tamin'ny Alahady fahatelon'ny Alahady namakiantsika ny Evanjely manambara ny fihaonan'i Jesoa tamin'ilay vehivavy samaritana.

Androany kosa dia ny tantaran'i Jesoa nihaona tamin'ilay jamba ka nahiratra no aroson'ny Eglisy amintsika. Tahaka an'ilay jamba nahiratra Isika raha mandray an'I Jesoa. Izany dia manampy antsika hahazo onona fa Izy Kristy no ilay fahazavana mitondra ny fiainantsika. Milaza miara-mahita isika fa jamban'ny fahotana maro isankarazany isika ka tsy hitantsika ny lalan-kombana. Matetika ny maro ny milaza fa very fanahy mbola velona. Izany hoe tsy misy repère. Korontana ny fiainantsika. Korontona na eo anivon'ny fifandraisantsika amin'ny zavaboary, na eo amin'ny fiaraha-monina misy ansika na amin'ny fifandrasiantsika amin'Andriamanitra.

Rehefa ao amin'i Jesoa anefa isika dia miara-mandresy Aminy, misokatra ny masontsika, ny masom-pinoantsika ka na dia mavesatra aza ny fiainana. I Jesoa ilay tsy nanota nanaiky ho ota mba hanafaka isika amin'ny fahotana. I Jesoa tokoa Ilay Famindrampo mibaby antsika, mandray ny fahotantsika ka ny mason'i Jesoa nozary maso hijerentsika an'izao rehetra izao ka miova ny fifandraisana. Raha mason'Andriamanitra tokoa no zary masontsika dia miova ny fiainantsika. Ao amin'i Jesoa izany isika ary izany no hafalantsika. Io ny famantarana no banjinintska androany ao amin'ny Evanjely. Paka Fandalovana ho antsika ny miala amin'ny hajamban'ny fahafatesana ka miditra amin'ny fiainam-baovao. Tahaka an'ilay jamba teo amoron-dalana tokoa isika mitalaho amin'i Jesoa mba halainy ny fahajambana manjo antsika, maro ny fahotana manajamba ny fiainantsika. Hoy Jesoa tamin'ilay jamba : "mandehana manasa ny masonao amin'ny farihin'i Siloe". Raha isika miaraka amin'i Jesoa dia tsy ilay farihin'i Siloe no mitondra ny fahagagana fa i Jesoa ilay miantso antsika tahaka ny niantsoany an'ilay vehivavy samaritana hoe : "raha mba fantatrao ny fahasoavan'Andriamanitra". Niditra tamin'ilay vehivavy samaritana tokoa ny fahasoavan'Andriamanitra. Miteny amintsika koa i Jesoa manao hoe : "mandehana manasa ny masonao amin'ny farihin'i Siloe", izany hoe : "mandehana mihavana amin'Andriamanitra, mandehana mamonjy ny sakramentan'ny fibebahana". Raha mibebaka tokoa ianao dia hahiratra. Izany no niseho tamin'ny tantara voalazan'ny Evanjely teo.

Mety misy olona misalasala, be fanontaniana, saingy anjarantsika no mijoro tahaka an'io lehilahy io feno fitokiana sy fanentren-tena dia ho afaka miova tokoa ny fiainantsika.

Manamafy izany koa ny voalazan'ireo vakiteny anankiroa izay henontsika amin'izao Alahady izao. Ny vakiteny voalohany dia mitantara ny nifidianana sy nanosoran'ny Tompo an'i Davida mpanjakan' Israely. Izany no nanirahana an'i Samoela ho any Betlehema any amin'Isaia ka tamin'izay indrindra no nisy fisalasalana teo aminy. Isika olombelona mijery ety ivelany fa Andriamanitra kosa mijery ny fontsika. Aoka hazava fa raha miresaka fo ny Tenin'Andriamanitra eto tsy ilay fo toava fa fo manambara ny maha antsika isika. Noho izany amin'izao vanim-potoan'ny karemy izao aoka ny fontsika ho fo misy an'Andriamanitra ka amin'izany atsangan'Andriamanitra ho zanany isika tahaka an'i Davida hosorana. Izany no hiainantsika sahady rehefa hosorana menaka antsika amin'ny batemy. Ny vakiteny faharoa milaza ny vokatry ny batemy sy manazava ny tena dikan'ny batemy. Jamba isika mahita izay aleha fa nosakan'I Jesoa ny mansotsika ka mahita izay aleha isika. Taloha isika tao anatin'ny haizina fa ankehitriny kosa ao anatin'ny fahazavana, Kristy fahazavana manilo ny fiainantsika ka tsy mandeha an-jambany intsony isika. Raha mandresy ny ratsy tahaka an'i Josefa lehlilahy marina, mampanjaka ny rariny sy fahamarinana isika dia hazava ny fiainantsika. Miverina amin'ny vôkasiantsika hatramin'ny naharian'Andriamanitra antsika isika ka na dia ao anatin'ny fahotana, na dia misy aza ny fanaratsian'ny olona araka ny hitantsika eo amin'ny evanjely, tsy ireny fahotana ireny no tanjona, "tsy izy no nanota na ny Ray aman-dReniny hoy I Jesoa fa mba hisehoan'ny asan'Andriamanitra". Isika no hiasan'ny asan'Andriamanitra raha manaiky hiala amin'ny ratsy ka notsolovin'i Jesoa maniraka antsika handehana manasa ny maso amin'ny ranon'I Siloe. Raha manasa ny masontsika amin'ny alalan'ny sakramenta, amin'ny alalan'ny fandalinantsika ny tenin'Andriamanitra isika dia fantaro àry fa hiova ny fiainantsika manontolo. Izany hoe sasao amin'ny alalan'ny finoana ; tsy ny sakramenta no manasa ny masontsika sy ny fiainantsika fa ny finoantsika. Mandray an'i Jesoa isika tahaka an'ity lehilahy jamba ity, hitantsika ny nataon'ilay jamba nanolo-tena tamin'I Jesoa izy. Miara-dalana amintsika tokoa i Jesoa, mpiara-belona amintsika. Raha manome isika, raha mahafoy mandritra ny fiainantsika manontolo fa tsy hoe indray mandeha fotsiny isika, raha manompo isika dia hahazo ny fahasoavan'Andriamanitra. Izany tokoa no andrasantsika amin'izao fanatanterahana ny Sinaody izao fa indrindra ity tapan'ny faharoa : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO AINANA. Mila fahafoizana izany Asehonatsika izany amin'ny ezaka ataontsika mikasika ny hasim-pinoana, manome hasina ny finoantsika katolika isika mba hanomezan'ny finoana fanamasinana antsika eo amin'ny fiainantsika. Azontsika onona tsara ny mahatonga ny karitra maha katolika mampiseho ny hasim-pinoana sy isan'ny kakazo voavoly. Raha mandinika tsara koa isika dia Izany no niseho tamin'ny Davida (vakiteny voalohany), izany no ambaran'i Md Paoly tany Efezy : "raha mandray an'i Jesoa isika, raha manome ho an'i Jesoa isika dia hitsangan-ko velona miaraka Aminy koa. Taloha isika tao anatin'ny haizina, fa ankehitriny kosa dia ao anatin'ny fahazavan'i Kristy. Koa raha ny

fahazavana no manentana antsika dia hanao soa isika, hanao ny marina ary hivelona ny tena fitiavana ka amin'izay hiombona amin'i Jesoa nitsangan-ko velona tokoa.

Ry Kristianina havana, ilay tenin'i Md Paoly no anaovako antso avo amintsika amin'izao Alahady fahaefatra izao : MIFOHAZA AZA MATORY, MITSANGANA ARY RAISO I KRISTY EO AMIN'NY FIAINANTSINKA.

Ry Kristy zokinay ô, Ianao tokoa no mpiara-belona aminay. Mitantana ny fiainanay tokoa ianao, marina fa sarotra amin'izao andronay izao ny manavaka ny tena sarobidy. Maro ny zavatra mifangaro eo amin'ny fiainanay, mety tsy hahitanay ny tena lalan-kombana. Ianao no fahazavana koa sokafo ny masonay izay jamban'ny zavatra maro isan-karazany eo amin'ny fiainanay, ampio izahay hiombona Amino bebe kokoa fa efa akaiky izao ny fankalazana ny Paka. Enga anie ho raisinay ho modely tokoa i Md Josefa ka ho lehilahy marina, ho olomarina tokoa izahay eo amin'ny fiainanay, ho olona tia vavaka amin'izay dia ho afaka handresy ny ratsy ary ho tody soa aman-tsara amin'ny Paka ka hanana fiainam-baovao ao aminao. Masina Maria Reny, Reny tsy mahafoy tokoa ianao ka ampio izahay amin'izao dingam-piainana ataonay izao ka ho tody amin'l Jesoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson